**Sabata 6 Mai 2023: Andro manokana ho fanentanana ho amin'ny "Fanamafisana ny Fitoriana amin'ny alalan'ireo Tambazotram-pifandraisana"**

TORITENY IOMBONANA

**"MBA HO AZON'NY MIHAZAKAZAKA HO VAKIANA"**

Vakiteny fototra: Habakoka 2: 1, 2

**Fampidirana**

Ny bokin'ny mpaminany Daniela dia miresaka ny fihazakazahan'ny Teknolojia moderna. "maro no hifamoivoy ka hitombo ny fahalalana." Saingy mandrakariva Satana izay mpanao halatahaka dia manosika ny olona hampiasa azy ireny mifanohitra amin'ny Plan'Andriamanitra.

Tsy mahagaga raha nilaza mazava Jehovah talohan'ny safo-drano hoe : "Tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona ny Fanahiko." Gen. 6 : 2. Ary indrisy fa tahaka ny tamin'ny andron'ny Noa dia ho tahaka izany ny amin'ny andro hiavian'ny Zanak'olona. Ary dia mihazakazaka ny fitontonganana ara-moraly rehetra. Eny mihazakazaka ho amin'ny faharatsiana ny olona.

Marihina fa ny olan'I Jehovah dia tsy ny teknolojia na ny fandrosoana. Ny olan'I Jehovah eo amin'ny andro farany dia "ny Fanahiny tsy afaka hanapaka mandrakariva ao am-pon'ny olona."

Ny Bokin'I Habakoka izay mpaminany teo amin'ny fotoana faramparany teo amin'ny tantaran'Israely dia misy lesona sy antso maika ho an'ny Zanak'Andriamanitra amin'ny andro farany amin'ny alalan'ireto fanontaniana ireto :

**I – AIZA NO MISY ANAO ?**

Habakoka 2 : 1 : "HITSANGANA EO AMIN'NY FITAZANAKO AHO !"

Ity valitenin'I Habakoka ity dia mampahatsiaro ny fanontanian'I Isaia : "Ry mpiambina ô ! toy inona alina moa izao ?" Misy fanontaniana mifamezivezy ao an-tsain'ny rehetra. Jesosy dia nilaza fa : "ho reraka ny fon'ny olona ny amin'ny fahatahorany ny zavatra hitranga ao aoriana?" Miteraka fikorontanantsaina ny firimorimon'ny fiainana, ny fotoana, ny ora, ny andro, ny volana, ny taona ! fahafiry eo amin'ny taona sahady isika izao ?

Misy olona ve mijanona mandrakariva eo amin'ny manda ? Mbola misy olona ve ao amin'ny manda ? Mbola eo amin'ny manda ve isika ?

Habakoka dia mijoro vavolombelona fa izy dia nijanona mandrakariva teo amin'ny toerany izy (poste nisy azy).

Ny teny ampiasainy eto dia ilazana ny mpiambina izay mijery sy mitazana ary vonona hampandre raha misy fahavalo : eo amin'ny MANDA !

Ny manda dia avo, manerinerina, ary natao ho fiarovana. Natao hahazaka ny fanafihana. Nefa koa eny no toerana misy ny mpiambina.

Tiko izany sary izany. Haintsika tsara fa Jesosy no manda sy hery ho antsika. Eo no tokony hijoro isika. Hay tsy izaho no miaro an'I Jesosy amin'ny alalan'ny teknolojia moderna na ireo fomba mahaolombelona fa Jesosy no mampijoro ahy eo amin'ny fiambenako. Eo amin'ny mandako, eo Aminy izay hany manda fiarovako !

Azonao ve ? Ny zavatra mahaolombelona dia tsy natao hiarovako an'I Jesosy ! Tsy nantsoina hiaro Andriamanitra eo amin'ny facebook, sy ireo rohim-pifandraisana rehetra aho ! Tsy nantsoina hiaro an'Andriamanitra aho fa nantsoina hijoro eo amin'Andriamanitra. Nantsoina hijoro eo amin'ny mandako aho ! hijoro eo amin'I JESOSY IZAY MANDA FIAROVAKO !

Noho izany ny fitaovam-pifandraisana rehetra dia hampiasaiko hampijoro ahy eo amin'I Jesosy !

**II- INONA NO HANDRASANAO ?**

Ny fanontaniana faharoa dia ny hoe : "Miandry inona ianao ?" rehefa mikasika ireo fitaovam-pifandraisana rehetra ianao, inona no andrasanao ? inona no tian'io fitaovana io haseho anao, sy ho resahiny aminao ? inona no anontanianao io fitaovana io ary inona no karohinao ao aminy ?

Habakoka 2 : 1 : "HIANDRY HAHITAKO IZAY HOLAZAINY AMIKO !"

Tena hafa I Habakoka : firy amintsika no tahaka azy ? Eo amin'ny manda mandrakariva ary miandry izay ho lazain'I JEHOVAH !

Rehefa eo amin'ny manda ny olona iray, rehefa JEHOVAH no mandany, dia miandry mandrakariva izay horesahin'I Jehovah, izay ho lazain'I Jehovah !

**III- INONA NO ATAONAO ?**

Ny fanontaniana farany dia ny hoe : inona no atao ? indrindra manoloana ireo teknolojiam-pifandraisana rehetra ankehitriny ?"

Habakoka 2 : 2 : "Soraty !"

Tena programan'ny tompo ny hanoratantsika … soraty … soraty … ny mpaminany rehetra dia nahazo io teny io. Saingy ireo mpaminany rehetra dia nahazo ny teny hosoratany avy amin'I Jehovah !

Ry tanora malala, alohan'ny hanoratantsika eo amin'ireo fitaovaam-pifandraisana rehetra … hafatra avy amin'iza no entintsika.

Io no antony hipetrahana eo ambony manda aloha, io no antony hijoroana mandrakariva eo amin'I Jehovah, hikatsahana izay lazain'I Jehovah !

Ny mpiambina mijoro eo amin'ny manda dia tsy mampiasa ny fony, na ny fihetseham-pony, fa izay hitany marina ihany. Ary mampandre ny vahoaka araka izay fomba fampiasa manaraka ny fandaminana efa mipetraka.

Hoy ny Baiboly : "« Fa raha manao feo hafahafa ny trompetra, iza no hiomana hiady? » (1 Korintiana 14:8).

Fitaovam-pifandraisana iray ny trompetra, ivelan'ny maha fitaovana fampiasa amin'ny mozika azy. Natao hanomana ny olona hiady izy, natao hampandrenesana ny loza izy, fa natao ihany koa hiantsoana fivoriana, hiantsoana fifaliana.

Saingy raha diso na mifamadika ny fampiasa azy indrindra amin'ny fotoanan'ny ady dia ho faharavana sy faharesena no hitranga !

Soraty … saingy "ataovy velona tsara ny soratra!" Mazava ny fanambarana. Tena maniry ny Tompo ny hanambarantsika ny fahamarinana mazava, velona tsara ! soratra velona !

Miandry soratra velona amintsika Jesosy, soratra velona fa tsy soratra maty na miteraka fahafatesana !

Ary soratra azon'ny mpiahazakazaka vakiana aza. Eo amin'ny naoty eo ambany dia milaza izy fa mba hiazakazaka izay mamaky azy.

Fohy ny fotoana ! akaiky ny Tompo !

1- Andeha isika hijoro eo amin'ny manda. "Hijoro mandrakariva eo amin'I Jesosy !"
2- Andeha isika hampiasa ireo fitaovana moderna rehetra hikatsahana izay lazain'i Jesosy, hampakatra ny finoantsika mifanaraka izay lazain'ny Baiboly.
3- Andeha isika hampiasa ny fitaovam-pifandraisana rehetra mba hanaparitahana ny fahamarinana mifanaraka amin'ny fandaminana izay misy eo amin'ny Fiangonantsika.

Pasitora RAKOTONANDRASANA Rado
Talen'ny Departemanta ny Fifandraisana/PARL
Ranomasimbe Indiana